# *Ilay Hazavana Lehibe Mamirapiratra*

Ny lahateniko izao maraina izao dia hita ao amin'ny Testamenta Vaovao. Voalohany dia hisy Soratra iray ho vakiana avy ao amin'ny Matio ny faha-1. . .ny toko faha-2, manomboka amin'ny andininy faha-1. Ary avy eo koa dia maniry aho ny haka, ho lahateny iray, avy ao amin'ny toko faha-4, ary ny andininy faha-14 sy faha-15. Tiako ny mamaky ny Teny, satria ny Teny dia Andriamanitra.

> *Ankehitriny rehefa teraka tao Betlehema an'i Jodia Jesosy tamin'ny andron'i Heroda mpanjaka, indro, tonga ireo olon-kendry avy tany atsinanana nankany Jerosalema,*
>
> *Nanao hoe, Aiza izy izay teraka ho Mpanjakan'ny Jiosy? fa nahita ny kintany tany atsinanana izahay, ka tonga mba hiankohoka aminy.*

2 Avy eo ao amin'ny toko faha-4 ary ny andininy faha-14, miresaka mikasika an'ilay mpaminany:

> *Mba hahatanteraka an'izay nampilazaina an'i* Isaia *mpaminany, nanao hoe,*
>
> *Ny tanin'i Zebolona, sy ny tanin'i Naftaly, any amoron-dranomasina, any an-dafin'i Jordana, Galilian'ny Jentilisa;*
>
> *Ny olona izay nipetraka tao amin'ny aizina dia nahita hazavana lehibe; ary ireo* izay *nitoetra tao amin'ireo* faritry ny aloky ny *fahafatesana* no *niposahan'ny hazavana.*

3 Maniry aho ny haka ny lahateniko avy amin'ny. . .tahaka an'izao: *Ilay Hazavana Lehibe Mamirapiratra.* Soratra iray tena tsy mahazatra izany.

4 Ary, ho an'ity fotoana ity, dia mazàna ny olona no nitory teny betsaka teo amin'ny "tsy nisy efitra tao amin'ilay tranom-bahiny," amin'ny vanim-potoan'ny noely, sy "Josefa sy Maria," ary—ary "ny fahaterahan'ny Tompo Jesosy." Omaly dia nieritreritra aho fa hiezaka hanatona an'izany amin'ny fomba hafa iray, fa maro aminareo no mihaino ny radio sy ny televizionareo.

5 Ary raha mbola nieritreritra aho, dia tonga tao an-tsaiko ity, mikasika an'ireo magy sy ilay Kintana. Ary ny nandòna ahy dia, hoe, inona no idiran'ny magy iray amin'i Kristy? Noho izany, tamin'ny famakiana an'ireo mahay fahiny maro, omaly hariva,

tara, hany ka nandeha natory teo amin'ny birao aho, miezaka ny hahita zavatra iray izay hitondra hazavana kely eo amin'ny lohahevitra ho an'ny androany.

6 Noho izany, dia zavatra iray tsy mahazatra ny miresaka ny amin'ireo zavatra ireo, satria, sady izay koa, Andriamanitra dia tsy mahazatra. Manao zavatra amin'ny fomba iray tsy mahazatra Andriamanitra, ary indraindray amin'ny fotoana iray tsy mahazatra, satria tena tsy mahazatra Izy. Ary ireo izay manompo Azy dia tsy mahazatra; vahoaka iray hafahafa izy ireo.

7 Noho izany isika, amin'ity fotoan'ny vanim-potoana ity, raha mampifantoka ny fisainantsika mankany amin'ny Krismasy isika, dia mampalahelo loatra fa tsy maintsy ampifandraisintsika amin'ny angano iray izany antsoina hoe "Santa Claus," raha tokony ho ilay tena Krismasy izay natao hisy. Ankizy kely maro eto amin'ny firenena amin'izao andro izao no tsy mahafantatra afa-tsy hoe ny Krismasy dia midika hoe "kalesy iray feno kilalao, sy serfa mahagaga sasany mitsambikina eo ambonin'ny trano," nefa taty aoriana vao fantatra fa angano fotsiny izany; mandratra ny finoan'izy ireo mihitsy aza, rehefa tonga eo amin'ny fahafantarana ny tantara marin'ny Krismasy ilay izy, hoe tsy misy idiran'izany amin'ny serfa, na lehilahy iray mifoka pipa, miaraka amin'ny volombiby manodidina ny palitaony.

8 Izany no fahaterahan'i Jesosy Tompontsika finaritra. Ary tsy mahazatra indrindra ny mahita hoe ahoana no niasan'Andriamanitra tamin'io fomba io, satria tsy nisy fotoana hafa hany nety, tao amin'ny tantara rehetra an'izao tontolo izao. Tsy maintsy ho tamin'io fotoana io marina tokoa ilay izy. Ary ankehitriny mandritry ny fotoana fohy dia ndao isika hijery tsara an'ilay vanim-potoana.

9 Izany no fotoana iray izay Heroda, ilay mpamono olona, no mpanjaka. Tsy maintsy izany ilay izy, ity lehilahy tsy manana fo ity no tsy maintsy ho mpanjaka tamin'ilay fotoana, satria fantatsika tsara ireo Soratra izay nilaza fa izy "dia namono an'ireo ankizy rehetra nanomboka tamin'ny roa taona no midina," niezaka ny hahita an'ilay Kristy. Ary tsy maintsy tamin'io fotoana io mihitsy izany.

10 Ary avy eo dia tsy maintsy nisy, tamin'ilay fotoana, izay tsy maintsy nampakarana ny hetra, mba hanao an'i Maria sy Josefa hiverina any Betlehema tanàna nahaterahany izay nanoratana azy ireo, ary ny fahaterahan'izy ireo dia teo amin'ny firaketan'ireo fitsarana sy tao an-tempoly, mba handoa hetra. Ary tsy maintsy teraka tao Betlehema Kristy, ary tany amin'ny maily maro lavitra tany izy ireo rehefa niseho ity.

11 Ary efa nahamarika an'ireo loza izay tsy maintsy nandalovan'izy ireo isika, mba hahatongavana tany. Ankehitriny tsy nanana fiara fitondrana marary lehibe, tsara

mampahazo aina hitondrana an'i Maria izy ireo tany. Ary tsy nanana an'izany izy ireo tahaka ny amin'izao andro izao, izay ahafahantsika hanana karazana fialan-tsiny iray. Didin'ny mpanjaka izany. Tsy misy fialan-tsiny natao. Tsy maintsy tanteraka izany. "Ny mpanjaka no niteny an'izany!" Tsy mampaninona ireo toerany, na inona, tsy maintsy miverina any an-tanindrazany izy ireo. Tsy misy fampiononana ho an'ilay reny kely miandry zanaka. Ary tsy nisy fitaovam-pitaterana; tamin'ny alàlan'ny tongotra fotsiny, na teo ambonin'ny lamosin'ampondra kely iray.

12 Ary nilazana isika fa naka an'i Maria i Josefa, ity reny niandry zanaka tamin'ny fotoana rehetra ity, ary nametraka azy teo ambonin'ny lamosin'ampondra kely iray. Ary raha ny olona anankiray izay efa mba nitaingina ampondra iray, dia mahafantatra hoe fitaingenana mafy toy ny inona izany. Ilay biby kely, teo amin'ny làlan-kely tery iray izay miolakolaka teo amin'ireo tendrombohitra, tonga tao Betlehema, avy tany amin'ny Jodia ambany, làlana tena mafy sy mikitaontaona. Ahoana moa raha tsy nanana tongotra mafy orina ilay ampondra kely, ka hianjera miaraka amin'io reny kely miandry zanaka io?

13 Na, tamin'ny andro izay nisian'ny dia tena betsaka nankany amin'ny tanindrazan'izy ireo, dia niasa ilay firenena manontolo, velona miaraka amin'ireo mpivahiny sy mpanao dia, miverina any an-tanindrazana, tena toe-javatra tsara ho an'ireo mpandroba tamin'izany andro izany. Rehefa nahita an'ireo andian'olom-bitsy kely izy ireo; ireo mpitaingina, ireo mpandroba dia afaka niditra avy hatrany ka namono azy ireo, ary naka ny entany dia lasa. Zavatra iray toy ny inona izany ho an'ity mpivady tanora roa ity, izay tsy maintsy natrehan'izy ireo, ary ho toy ny ahoana izany!

14 Izao koa, ahoana moa raha ny sasany amin'ireo biby dia, satria nisy liona ary biby dia maro nandrava tany, izay nivezivezy tao amin'ireo tany efitra izay tsy maintsy notetezin'izy ireo. Ahoana moa raha nandroso nanatona an'ilay vondrona kely ny biby dia iray, inona no ho vitan'i Josefa tamin'ny tehina iray teny an-tànany, sy vady iray izay zara raha afaka nihetsika? Nanana an'izany hatrehana izy ireo.

15 Fa manome fiononana ho antsika ny mahafantatra an'izao, hoe tsy isika no mihazona ny fitodiantsika. Andriamanitra no mihazona ny fitodiantsika. Ary Izy no nanendry an'izany ho toy izany, ka tsy misy na inona na inona hany hampiato ny fandaharan'Andriamanitra. Tsy maintsy tonga isika.

16 Ary tsy tokony hisy tahotra. Kanefa angamba Maria sy Josefa, ny tenany, olona tsotra fotsiny, tsy nianatra. Ary tsy nanana fomba ahafantarana izy ireo hoe ireo zavatra ireo, izay niseho tamin'io fotoana io mihitsy, dia nanatanteraka ny Soratra.

17 Ary tahaka an'izany amin'izao andro izao. Ireo zavatra dia miseho mihitsy ao amin'izao andro izay iainantsika izao, nefa maro amintsika no tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an'izany, ahoana no ihetsehan'Andriamanitra.

18 Vao avy nanontanian'ny iray amin'ireo ramatoa manao fandraisam-peo ato amin'ny efitra ato aho, hoe rahoviana aho no hiresaka eo amin'io lohahevitra io, ny amin'ilay sora-tànana, ary ireo sambon-danitra eny amin'ny habakabaka. "Ho amin'ny Alahady heriny ve izany?"

Hoy aho hoe, "Tsy fantatro."

19 Fa, oh, ny mahita ao amin'ity fotoana maizina mandrakotra ity, dia mandroso tsy ankitsahatra ny tànan'Andriamanitra lehibe. Tsy misy na inona na inona hampijanona Azy.

20 Ary afaka mahita isika tahaka azy tamin'izany, amin'izao andro izao, tahaka ny nahatongavan'ilay ampondra kely sy ireo mpandeha anankiroa tamin'ny farany. Rehefa tonga tamin'ny alina izy ireo, teo amin'ireo tany efitra, tena nafana ny andro! Ary noho izany dia ndao ataontsika hoe mipetraka fotsiny eo amin'ilay tendrombohitra any atsinanan'i Betlehema izy ireo.

21 Mipetraka ao anatin'ny lohasaha iray i Betlehema, ary misy tendrombohitra kely iray. Ary ilay làlana izay miditra ao Betlehema, dia mivily any atsinanan'i Betlehema, ka midina mankao an-tanàna. Eo akaikin'ilay zoron-dàlana, izay anaovanareo an'ilay fiviliana farany, mba hanombohana eo amin'ilay havoana, dia misy antontam-batolampy marokoroko lehibe mipetraka eo. Ary noheverin'ireo mpahay tantara fa angamba teo no nijanonan'i Maria sy Josefa ho an'ny fofon'aina kely iray talohan'ny nidiran'izy ireo tao an-tanàna tamin'io alina io.

22 Ndao isika hijery an'i Josefa, ao amin'ny tànany malefaka, maka ny ampakarina keliny avy amin'ilay ampondra ary manampy azy hidina amin'ny tany, mitondra azy ka mametraka azy eo ambonin'ilay vatolampy, ary nanao hoe, "Malala, io ilay tanàna kely, eo ambanintsika mihitsy, izay hahaterahan'ilay vahiny kelintsika angamba."

23 Azoko eritreretina ny mahita an'ireo kintana mitsilopilopy kely sy mamiratra fotsiny, raha nipetraka izy ireo nijery an'i Betlehema, teo amin'ny . . . atsinanan'izy ireo. Ary raha nipetraka teo izy ireo, nanontany raha nibanjina an'ireo kintana izy ireo; lavitra, an-jatony maily atsinanana avy teo, dia nisy sehatra iray hafa niseho.

24 Fantatrareo, miasa ao amin'ny Tontolony Andriamanitra. Izy no manao an'ireo zavatra hiseho ao amin'ny firenena anankiray, izay Anaovany azy haka endrika, hihaona amin'izany ao amin'ny iray hafa. Mahita isika eo, any atsinanana lavitra, araka ny notenenin'ireo mpahay tantara maro tamintsika, fa

ireto lehilahy ireto, ireo magy, araka ny ahafantarantsika azy ireo.

25 Amin'izao andro izao izy ireo dia ho, eo ho eo, antsoina hoe, "mpandinika kintana," tsy ao amin'ilay dikany hoe mpanao hatsarana; fa misy ny fanesoana iray an'ny fandinihana kintana, izay antsoina hoe mpanao hatsarana. Ary mihazakazaka mankany amin'ireny zavatra ireny ny olona, izay hevitra sandoka iray marina tokoa ny amin'ny tena mpandinika kintana.

26 Niteny tamintsika i Hampton, ilay mpahay tantara malaza, fa izany dia . . . Mediana-sy-Persiana izy ireo, ireo mpandinika kintana ireo. Ndao isika hanaraka kely ny fiainan'izy ireo. Ary hitantsika fa ireo Mediana-sy-Persiana dia nahafantatra tsara ny Filazantsaran'ny Tompontsika rehefa tany Babylona tany. Taona maro tany aloha, tamin'ny andron'i Nebokadnezara Mpanjaka, dia nanana an'izany olona mpandinika izany izy ireo, izay nandinika an'ireo kintana sy ireo vatan'ny lanitra. Ary afaka niteny tamin'ny alàlan'ireo famantarana sy ny fihetsehan'ireo kintana izy ireo, ny amin'ireo zava-mitranga sasany izay tsy maintsy hiseho.

27 Ary ireo mpanjaka tamin'ny andro fahiny dia nanontany an'ireo lehilahy tahaka an'izany mba hahafantarana an'ireo zava-mitranga sy ireo zavatra izay hiseho. Andriamanitra dia manambara an'izany foana amin'ny alàlan'ireo Vatan-danitrany alohan'ny Ampahafantarany an'izany amin'ny tany. Manoratra an'izany eny amin'ny lanitra Andriamanitra.

28 Ary ilay kintana izay jerentsika, ary mieritreritra azy ireo toy ny andiany misy zorony dimy eny an-danitra isika, fa, ny maha-izy azy ireo, izy ireo dia tontolo malalaka lavitra noho ity, mampitaratra ny hazavan'ny masoandro.

29 Ary ireto olona ireto dia nahafantatra tsara tokoa ny Filazantsara tamin'ireo taonan'ny fahababoan'ny Isiraely, an'ireo fitopolo taona tao amin'ny tanin'ireo Kaldeana, ary, azo antoka tokoa, fa i Daniela no natao lehiben'ilay magy. Ilay mpaminany, tamin'ny alàlan'ny fahendreny lehibe hahafantarana ny fiafaran'ireo zavatra, ary hahafantarana an'izay hataon'Andriamanitra, ary izy dia nantsoina hoe ilay lehiben'ny magy. Ary nanana soratra tranainy ireo magy izay nitodihan'izy ireo, avy tamin'ireo razany fahiny. Ary Daniela dia mitondra an'ireo Soratry ny Tompo.

30 Ary noho izany dia azontsika fa nandritr'ity fotoana ity dia niaraka nanolo-tsaina betsaka izy ireo, ary nahita ny fahendrena sy ny hery izay novokarin'ilay Andriamanitra marina tokana izy ireo, izay tany ankoatra lavitry ny mpandinika kintana na magy rehetra. Voaporofo izany tamin'ny alin'ny an'i Nebokadnezara Mpanjaka . . . na dihin'i Beltesazara, hoe, tsy nisy iray tamin'ireo Kaldeana na ireo mpandinika kintana afaka namaky an'ilay sora-tànana teo amin'ny rindrina. Fa Daniela,

tamin'ny alàlan'ny Fanahy sy ny herin'Andriamanitra velona, no afaka nanao an'izany. Ary notehirizina ho masina ireo sorany, ary mbola izany hatramin'ity andro ity.

31 Ankehitriny isika dia miantso azy ireo, any atsinanana... Efa nanana tombontsoa niresaka tamin'izy ireo aho tany Inde. Ary izy ireo ankehitriny dia antsoina hoe Mohametana. Saingy tena Mediana-sy-Persiana marina tokoa izy ireo. Ireo Indiana dia antsoina hoe ny...Mino aho fa izy ireo dia miantso azy ireo hoe tsy madio. Ary ireo Mediana-sy-Persiana dia Mohametana marina tokoa. Ary izy ireo no hany niaraka tamin'i Nebokadnezara Mpanjaka tany am-boalohany. Ary ireo olon-kendrin'izy ireo lehibe dia manam-pahaizana izay nianatra an'ireo—ireo zavatra ara-boajanahary, mba hanambara an'ireo zavatra ara-panahy izay tsy maintsy hitranga.

32 Noho izany nandritr'ireo an-jato taonany maro ireo, ary ireo soratry ny fampianaran'i Daniela, sy ny sisa, izy ireo no nitahiry azy ireo.

33 Ary ny nataon'izy ireo, tamin'ireo ora voalohany an'ny hariva, dia niakatra tany amin'ny Tendrombohitra Assay[?] izy ireo. Ary teo ambony teo dia nanana lapa iray izy ireo. Ary tao anatin'io lapa io no nisy ny lapan'ireo magy. Ary nanana ny fetiny fujadous[?] izy ireo. Ary aorian'ilay fety dia nandeha teo amin'ireo karipetra izy ireo, na teo amin'ny tokotany ambony, ary teo amin'ny tilikambo fandinihana iray rehefa avy nilentika ny masoandro. Ary tahaka ny ataon'ireo Mohametana mazàna, miondrika eo amin'ny masoandro ka mihorakoraka hoe, "Allah! Allah!" Ary matetika dia mitso-drano ny tenany amin'ireo rano masina, sy ny sisa, hatramin'ity andro ity mihitsy aza. Ny ankamaroany, amin'ny zavatra masin'izy ireo indrindra, dia ny afo. Nino izy ireo fa io Andriamanitra marina tokana io dia niaina tao anaty afo.

34 Ary hafahafa toy ny ahoana ny mahafantatra fa ilay Andriamanitra tokana marina sy velona dia tena miaina ao anatin'ny Hazavana, ary Afo mandevona iray Izy.

35 Ahoana fa nandrehitra an'ireo afo masina izy ireo! Ary nandinika an'io afo io izy ireo, satria nino izy ireo fa ilay Andriamanitra marina tokana dia niaina tao anatin'io afo io, ary nampitaratra ny Tenany tamin'izy ireo Izy. Ary ilay afo dia nirehitra namiratra indrindra rehefa ilay—nilentika ilay hazavan'ny masoandro.

36 Ary noho izany dia nivoaka avy teo amin'io tilikambo fandinihana io izy ireo, ka nijery ambony. Ary tsara hofana izy ireo. Ary fantatr'izy ireo ny hetsika tsirairay an'ilay vatan-danitra lehibe an'ireo kintana. Nandinika tamim-pitandremana ny hetsika rehetra izy ireo.

37 Oh, raha hanao an'izany fotsiny mantsy ireo Kristiana! Tsy mandinika an'ireo kintana, fa mandinika ny

Tenin'Andriamanitra rehefa eo am-pisokafana Izy. Raha hanamarika an'izany fotsiny mantsy isika androany, ka mahita hoe ahoana no nampanantenain'Andriamanitra amin'ity andro ity an'ireo zavatra izay tena tohanantsika amin-kerim-po. Andriamanitra no nampanantena hanao an'ireo zavatra ireo, toy ny fanasitranana ny marary sy fanaovana an'ireo fahagagana lehibe.

38 Ilay Daniela iray ihany izay nampianatra azy ireo ny amin'ireo zava-mitranga, no nilaza, fa, "Amin'ny andro farany ireo olona izay mahafantatra ny Andriamaniny dia hanao zava-dehibe." Tsy maintsy tanteraka ireo Soratra ireo. Raha hikaroka fotsiny mantsy isika! Ary raha hanamarika ianareo, Andriamanitra dia manambara ny Tenany fotsiny ihany amin'ireo izay mikaroka sy maniry fatratra ny hahita Azy. "Manatòna Ahy, dia hanatona anareo Aho," hoy ny Tompo. Ary matetika Andriamanitra dia mamela zavatra hitranga mba hanatonantsika Azy. Satria Andriamanitra dia azo antoka tokoa fa efa nandidy fa tsy maintsy hitranga ireo zava-mitranga sasany, ary hisokatra izy ireo araka ny fipaipaikan'ny Famantaranandrony lehibe.

39 Ary tamin'ny, hataontsika hoe, hariva anankiray, rehefa tapitra ilay fety, ka niondrika teo amin'ilay filentehan'ny masoandro izy ireo, dia mandeha ao anatin'io tilikambo fandinihana io ny fetintsika. Ary raha nanomboka niseho teny amin'ny lanitra ireo vatan-danitra lehibe, ireo soratra tranainy efa ela, an'ireo olon-kendry, dia nivoaka. Ary nisokatra, ka nijery azy ireo izy ireo, ary nilaza izy ireo, oh, an'ireo zavatra sasany izay voalaza mialoha. Ary ilay lohahevitra, angamba, dia nitohy ela be, ny amin'ilay firodanana lehibe an'ireo fanjakana, sy ny fianjeran'ireo fanapahany lehibe, ary ahoana ireo toerana ara-tsosialin'ny olona, sy ireo ady, izay namotika ny tany ka nampandro azy tamin'ny ràn'ireo namany. Ary satria ireo olona izay ara-panahy dia mahazo an'ireo zavatra ara-panahy fotsiny ihany; ahoana fa ny fisehoan'ireo andro lehibe efa lasa, sy ny henatr'izy ireo, raha nanao ny làlany niakatra teny amin'ny habakabaka ilay afo masina ka nanjavona, dia naneho an'ilay Andriamanitra tokana marina sy velona.

40 Ary satria nandroso teo amin'ny ampahany afovoany ny alina, atao hoe, tamin'ny folo ora na tamin'ny iraika ambin'ny folo, raha nipetraka teo ilay mpampiantrano, angamba nihira ny hira fiderany, na angamba nivavaka izy ireo. Tena tsy fantatsika mihitsy izay nataon'izy ireo, ary tsy manazava an'izany ireo mpahay tantara. Fa, na izany aza, dia tsy maintsy tao anatin'ny toetra ara-panahy iray izy ireo, satria Andriamanitra dia manompo eo amin'izay misy firaisana sy fanahy.

41 Hanatona antsika Andriamanitra izao maraina izao. Hitahiry ny ain'ity zazavavy kely malala ity Izy, ary ny maro aminareo eto izay eo am-pahafatesana angamba miaraka

amin'ny homamiadana sy ireo aretina hafa, raha afaka hiditra ao amin'ny firaisana ara-panahy miaraka amin'Ny Teniny sy miaraka Aminy fotsiny isika. Hanambara ny Tenany Andriamanitra. Manao an'izany foana Izy.

42 Teny amin'ny làlana nankany Emaosy, taorian'ny fitsanganana, izany dia rehefa nanomboka niresaka Taminy fotsiny i Teofilo sy ny sakaizany, ary voatonona ny Soratra, ka nanambara ny Tenany tamin'izy ireo ilay Andriamanitra tao amin'i Kristy. Ary avy eo teny amin'ny làlana niverina, dia hoy izy ireo hoe, "Tsy nangorakoraka tao anatintsika ve ny fontsika raha niresaka Taminy isika teny an-dàlana?" Misy zavatra mikasika ny firesahana ny Teny!

43 Ary ao amin'ireo soratra tranainin'izy ireo, raha namaky ny amin'ireo magy samihafa izay nandalo izy ireo. Ary tsy afaka manonona ny Baibolin'izy ireo aho amin'izao fotoana izao, na izy ireo niantso an'i Zedakoah[?], zavatra mitovy amin'izany, izay novakian'izy ireo sy notondroiny tamin'ity soratr'ireo lehilahiny masina ity. Ary ahoana fa maro tamin'izy ireo no mpanompo sampy, ka nitondra henatra sy fahafaham-baraka ho an'ny olona, tsy isalasalana fa nanondrika ny lohany tao anatin'ny henatra ireto magy ireto. Fa, kanefa, avy eo ireo afo masina nirehitra, dia naneho Andriamanitra marina iray.

44 Avy eo dia toa hitako tonga avy teo amin'ilay lapa, ny anankiray niaraka tamin'ny horonana iray teny an-tànany. Ary asehony amin'ireo hendry izany raha mipetraka eo amin'ilay tilikambo fandinihana izy ireo, mandinika an'ireo kintana, ary ny zavatra rehetra dia mihetsika tanteraka ao amin'ny firindrana, tahaka ny nataony isan'alina, araka ny nandidian'Andriamanitra azy mihitsy.

45 Ary eto, raha mbola niresaka momba ny firodanan'ireo fanjakana izy ireo, dia namaky ampahany iray an'i Daniela, izay nanao hoe, "Nijery aho mandra-piendaky ny vato iray avy teo an-tendrombohitra, tsy tamin'ny tànana, ary namely an'ireo fanjakan'ny tany izany ka izy ireo dia lasa tahaka—tahaka ny akofa eo am-pamoloana. Ary ity vato lehibe ity dia lasa tendrombohitra iray izay nanarona ny tany rehetra. Ary ny Fanjakany dia ho fanjakana mandrakizay iray." Nirehitra ny fanantenan'izy ireo tamin'izany ny amin'ny fotoana iray izay hitsaharan'ireo fanapahana tsy hirodana, ary rehefa hitsahatra tsy ho rava ireo fanjakana, satria ho tonga ny fanjakana mandrakizay iray notendren'ilay Andriamanitra tokana marina sy velona.

46 Ary raha nieritreritra ny amin'ireo zavatra ireo izy ireo, ny amin'ny Soratra, dia tsy maintsy nisy anankiray niandrandra. Ary nisy vahiny iray teo anivon'izy ireo. Nahita Hazavana iray izy ireo izay tsy mbola hitan'izy ireo mihitsy tany aloha. Izany dia Kintana mendri-kaja iray izay tsy nanana, hatramin'ity fotoana

ity, nananana, na tsy tonga teo amin'ny fahitan'ny mason'ireo magy. Fa teo ilay izy. Nahoana? Tsy maintsy tanteraka ireo Soratra.

47 Hoy ianareo, noho izany hoe, "Rahalahy Branham, mihevitra ve ianao fa Andriamanitra dia hifanaraka amin'ireo magy ireo?"

48 Ny Baiboly no nilaza, ao amin'ny Hebreo ny toko faha-1 ary ny andininy faha-1, hoe, "Andriamanitra, tamin'ny fotoana samihafa, tamin'ny fanao samihafa," ireo karazana fanao rehetra, "niteny tamin'ireo razana Izy."

49 Voasoratra ao amin'ny Asa 10:35 ihany koa, hoe, "Tsy manavaka olona Andriamanitra, fa Izy dia manome voninahitra an'ireo, any amin'ny firenena rehetra, izay maniry ny hanompo Azy amin'ny fahamarinana." Na dia ao anatin'ny fahadisoana aza ianareo, kanefa, ao amin'ny fahamarinan'ny—ny fikasan'ny fonareo dia maniry hanompo an'Andriamanitra ianareo, dia hanaja an'izany Andriamanitra. Koa, noho izany, dia tsy manana tsipika izay azony apetraka ireo anaram-piangonana, izay hampijanona an'Andriamanitra eo amin'ny fanekem-pinoana anankiray, satria hijery an'ireo antony an'ny fon'olombelona Andriamanitra, ary eo no Hiasany avy amin'io toerana io.

50 Ary hitantsika fa ireto magy ireto, mahitsy fo ao ampony ary maniry ny hahita an'io Andriamanitra tokana marina io, ary miandry ny Faminaniany ho tanteraka, izay nilaza fa, "Ny Tompo no hanangana Azy ka hanao ny. . .Tsy hanampahataperana ny Fanjakany. Hisy fanjakana mandrakizay iray."

51 Tamin'izany fotoana izany ilay Kintana, izay fantatsika amin'izao andro izao fa antsoina hoe Kintana, dia niseho teny amin'ny lanitra. Azoko eritreretina fa ireo magy ireo, niray saina, dia nitsangana tsy nahateny raha nijery an'ilay zavamahagaga an'ny Kintana iray izay nanohitra an'ireo lalàn'ny firafitry ny masoandro izy ireo, ary tonga avy tamin'ireo andiankintana lehibe an'ireo vatan-danitra, mba hanambara zavatra iray rehefa natao hitranga izany.

52 Manantena aho amin'ity toerana ity fa afaka mamaky ny anelanelan'ny andalana ianareo ka mahafantatra an'izay tianay holazaina, hoe amin'izao andro izao, dia nanohitra ny zavatra rehetra Andriamanitra, mba hanambara ny Tenany, hoe velona Izy androany, nitsangana tamin'ny maty, ao amin'Ny Vatan-danitrany lehibe. Ny sarin'Ny Vatany eto dia hanohitra ny tsy mahatoky rehetra eto amin'izao tontolo izao. Velona mandrakizay Izy. Manao zavatra amin'ny Fombany Manokana Andriamanitra, tsy mahazatra.

53 Fa, nandinika an'ireo hazavan'ny lanitra izy ireo, saingy toa hafa noho ny sisa rehetra tamin'izy ireo ity Hazavana ity.

54 Ary nandinika isika, androany, an'ireo hazavana tao amin'ny fiangonana. Nandinika ny Metodista isika, ny Batista, ny Pentekotista, ny Presbyterana, ireo hazavana.

55 Fa ho an'ireo izay miandry Azy, dia toy ny hoe misy Hazavana hafa iray nanomboka mamiratra, izay manambara Azy. "Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Ao amin'ny Hatsaran-tarehiny sy ny heriny lehibe, an'ny Vatan-danitra iray izay nalefa tao amin'ny endriky ny Fanahy Masina, amin'izao andro farany izao ho an'ilay Fiangonana, mba hanambara ny Herin'ny fitsanganany, ary Izy mandrakizay dia Hazavana iray Mandrakizay izay misy ankehitriny eo anivon'ireo Mpinony. Oh, mahafinaritra toy ny ahoana ny mahita an'izay Ataony!

56 Ary nitsangana teo izy ireo, nitolagaga, ny anankiray tsy afaka niresaka tamin'ilay hafa, satria ny voninahitr'io Hazavana io no nampitolagaga azy ireo.

57 Oh, toy ny ahoana ilay izy amin'izao andro izao, ry sakaizako mahantra reraka, hoe rehefa ny olona iray izay tsy nahafantatra Ny Heriny mihitsy, mba hanome Hazavana vaovao sy hanome fanantenana vaovao, rehefa miditra ao amin'ny Fanatrehan'ilay Olona Masin'i Kristy izy, miaraka amin'ny finoana iray izay mihazona azy hitolagaga amin'ny Fiandrianany. Izany dia tsy toy ny hoe manatona ny alitara ka manome an'ilay mpitoriteny ny tànanareo ankavanana, tsy tahaka ny hidirana ao amin'ny dobo koa mba hatao batisa, na mitsangana miaraka amin'ny akora iray mba ho fafazana. Izany dia mandeha ao amin'ny Hazavana iray izay tsy mbola hitanareo mihitsy tany aloha. Izany dia vatofantsiky ny finoana Masina iray izay miantso ny zavatra rehetra mifanohitra amin'ny Tenin'Andriamanitra ho toy ny tsy nisy. Mametraka Fiainana vaovao izany. Manome fanantenana ho an'ilay eo am-pahafatesana izany. Manome herim-po ho an'ilay malemy izany. Manome fanasitranana ho an'ny marary izany. Manome fitahiana ho an'ilay tsy nahazo sitraka izany. Mahafinaritra toy ny ahoana ny miditra ao amin'ny Hazavan'Ny Fanatrehany! Tsy angano iray. Tsy zavatra iray izay vao avy noforonin'ny olona iray, tao an-tsain'izy ireo, fotsiny. Fa, miditra avy hatrany ao amin'ny Fanatrehan'ilay Mpanjakan'ny Voninahitra izany, ilay Hazavana Mandrakizay an'ilay Andriamanitra velona.

58 Rehefa mitranga ny zavatra iray, izay mampifikitra an'io fanantenana io ao anatinareo, ka tsy mampaninona na marary toy ny ahoana aza ianareo, aorian'izany, dia tsy tsara tanteraka ho an'ny devoly ny manandrana maka fanahy anareo amin'ny zavatra rehetra mifanohitra. Mifikitra mandrakizay izany. Tsy mampaninona na impiry no hanaovan'ilay fahavalo anareo hiezaka hiaina amin'ilay fiainana ratsy, mifikitra mandrakizay ianareo, satria niditra tao amin'Ny Fanatrehany ianareo, nankao amin'ny Hazavana Masina iray izay nanova ny tenanareo anatiny indrindra ary nametraka lakolosim-pifaliana iray an'ny famonjena, maneno ao am-ponareo, izay tsy misy na inona na inona fantatr'izao tontolo izao, hoe efa tafafindra avy

tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana ianareo. Niala avy tao aminareo ny fahafatesana sy ireo alokany, ary lasa olombaovao ianareo rehefa miditra ao amin'io Hazavana Masina io.

59 Tahaka an'ireo magy izay nitsangana, nitolagaga, raha nandinika an'io Hazavana io izy ireo, farany dia toa reko ny anankiray milaza amin'ilay hafa hoe, "Oh, tsy famantarana mahafinaritra ve ity hoe misy zavatra efa hitranga mihitsy!"

60 Marina tokoa, androany, ihany koa, rehefa miditra ao amin'ny Fanatrehan'ny Tompo Jesosy isika, dia famantarana Masina iray izany hoe misy zavatra iray efa hitranga; antomotra Ny Fihaviany faharoa be voninahitra.

61 Ary rehefa nijery izy ireo, ny iray tamin'ny hafa, ary afaka kelikely. . . Nandinika an'Izany izy ireo, angamba, ny alina manontolo. Toy ny ahoana no namiratan'Izany! Toy ny hoe namirapiratra kokoa noho ireo kintana hafa Izany. Toy ny hoe tsy afaka nanala ny masony tamin'Izany izy ireo, mba hijery kintana hafa iray.

62 Ary azoko antoka, raha mahita an'io Hazavana Mandrakizay lehibe mamiratra io isika eo anatrehantsika, dia tsy hijery an'ireo anaram-piangonantsika, mba hilaza hoe, "Batista izahay, na Presbyterana izahay, na Pentekotista izahay," na mety ho inona ilay izy. Mijery an'ilay Hazavana fotsiny isika, dia velona. Izy no Hazavana Mandrakizay.

63 Ary raha nandinika an'Izany izy ireo, rehefa niposaka ny masoandro tamin'ny farany . . . Nandritry ny andro dia natory izy ireo. Efa nandinika azy ireo nipetraka teny an-dàlambe aho tany Inde, niaraka tamin'ny ranjony niforitra, ny lohany niaraka; raha natory izy ireo tamin'ny andro atoandro, ary amin'ny andro alina dia nandeha nandinika an'ireo kintana izy ireo, nandinika ny hetsika rehetra.

64 Ireo izay miandry Azy irery ihany no hahita Azy. Ireo izay mino Azy irery ihany no hankasitraka an'ireo Fitahiany. Ireo izay mino ny fanasitranana irery ihany no hahazo ny fanasitranana. Ireo izay mino ny famonjena irery ihany no hahazo an'izany. Ny zavatra rehetra dia azo atao ho an'ireo izay mino. Fa, voalohany, dia tsy tokony ho hevitra ara-nofo noforonina fotsiny ilay izy. Tsy maintsy fanambarana mivantana iray nirahina avy tamin'Andriamanitra irery izany, ary raha mandinika isika.

65 Hitantsika, isan-kariva, fa nandinika an'Izany izy ireo. Niady hevitra an'Izany izy ireo. Nijery ny Soratra izy ireo, ary teo am-pikarohana. Toa hitako ny anankiray tonga, ka manao hoe, "Ity ny soratra Hebreo hafa iray. Avy amin'ny iray amin'ireo mpaminaniny izany, amin'ny anarana hoe Balama. Ary hoy izy hoe, 'Hiseho ny Kintana iray avy amin'i Jakoba.'" Ary nahita ny Soratra tanteraka izy ireo. Oh, toy ny ahoana no nifalian'ny fon'izy ireo!

66 Ary ahoana no tokony hanaovan'izany ny fontsika hifaly, ny mahafantatra fa ao amin'izao andro ratsy izay iainantsika ankehitriny izao, dia mahita an'ilay Soratra masin'Andriamanitra tanteraka ka voambara amintsika toy ny Hazavana lehibe iray mizaha ny tenantsika.

67 Avy eo, afaka kelikely, raha nandinika an'Izany izy ireo, tena hafahafa indray alina no nanombohan'Izany nihetsika. Ary mihetsika miaraka amin'ny Hazavana foana isika. Ary nanomboka nihetsika nankany andrefana ilay Hazavana. Haingana mihitsy no nanomanan'izy ireo an'ireo ramevany sy ireo fananany rehetra. Nitondra fanomezana izy ireo. Ary toa hitako izy ireo rehefa manao ny diany, nanaraka an'ilay Hazavana, satria fantatr'izy ireo fa Vatan-danitra iray izany. Tsy maintsy nampitaratra Hazavana iray lehibe kokoa Izany.

68 Toy izany koa amin'izao andro izao, ry sakaiza, rehefa mahita an'ilay kintana mamirapiratra isika, dia fantatsika fa taratry ny masoandro izany. Rehefa mahita ny volana mamirapiratra isika, dia fantatsika fa taratry ny hazavana iray lehibe kokoa izany.

69 Rehefa mahita ny fiangonana mamirapiratra isika, dia fantatsika fa taratry ny Hazavana iray lehibe kokoa izany, ilay Hazavana tsy mety maty sy Mandrakizay. Fa rehefa manamaizina ny tenantsika isika, ka manodina ny fontsika, ary manodina ny finoantsika, ka manao hoe, "Efa lasa ireo andron'ny fahagagana, ary tsy misy intsony ny zavatra tahaka an'izany," dia manodina ny lamosintsika amin'ny Hazavana Mandrakizay an'Andriamanitra isika.

70 Ary raha nirenireny izy ireo, dia toa hitako izy ireo miala eny an-tendrombohitra ary mandeha mankany amin'ireo tehezan-tendrombohitra andrefana. Nanaraka an'ireo tehezan-tendrombohitra nankany amin'ny Renirano Tigrisy izy ireo, ary nanaraka an'ireo Tigrisy mahery izy ireo nidina mandra-pahatongan'izy ireo tao Babylona, niampita an'ilay fiampitana tany Eofrata, nitohy nidina, ary nanaraka ny sisin'ny tanin'i Palestina. Nifaly! Nanao dia alina izy ireo satria nangatsiaka amin'ny alina, handehanan'izy ireo manerana an'ireo tany efitra. Ny zavatra hafa iray dia, namiratra tao anatin'ny aizina ireo kintana, noho izany dia tsy maintsy nanaraka an'ilay Hazavana izy ireo. Ary ilay Hazavana no mpitari-dàlan'izy ireo.

71 Ary raha niakatra izy ireo, farany dia tonga tao Jerosalema Izany. Fa, rehefa tonga tao Jerosalema Izany, dia maty Izany. Nanjavona tampoka Izany rehefa tonga tao Jerosalema izy ireo, satria izany no fotoan'izy ireo hampamiratana an'ilay Hazavana tamin'izany.

72 Ary nidina namakivaky an'ireo làlambe miolikolika an'io tanàn-dehibe io, nidina namakivaky an'ireo làlamben'ilay renivohitra tranainy an'izao tontolo izao, saiky, Jerosalema; ny seza fahinin'ilay Melkizedeka lehibe, izay nosoratan'ireo

mpaminany sy mpanora-dalàna fahiny. Fa nohon'ny fiainan'izy ireo kamo, ara-nofo, rendremana, tsy masina, dia maty ilay Hazavan'ny Filazantsara.

73 Ary indro ireo Jentilisa, tao an-tanànan'ireo Jiosy, niantsoantso, "Aiza Izy izay teraka ho Mpanjakan'ny Jiosy? Fa nahita ny Kintany tany atsinanana izahay ka tonga mba hanompo Azy." Zava-mitranga iray manaitra toy ny inona an'ity andro ity, O Ray mpamindra fo, raha mijery sy mieritreritra izahay! Tena natory ireo Jiosy hany ka ireo magy, ireo Jentilisa tatsinanana, no tonga avy tany amin'ny tany lavitra, nanao dia mba hahita an'ilay Mpanjakan'ny Jiosy, nefa tsy nahafantatra na inona na inona ny amin'izany izy ireo.

74 Amin'izao andro izao, dia naka lehilahy tsy nianatra Andriamanitra, zazalahy sy zazavavy izay tsy manana afatsy fahaizan'ny sekoly ambaratonga voalohany angamba, natsangan'ny herin'ny Fanahy Masina, izay miantsoantso eo amin'ireo sofin'ny fiangonana hoe, "Eto Izy ao amin'ny Heriny lehibe, mba haneho ny Tenany sy hampahafantatra," nefa tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an'izany ny fiangonana.

75 Tonga izy ireo mba hanome voninahitra. Tonga izy ireo hanome haja an'ilay Mpanjakan'ny mpanjaka. Ary ny fiangonana, ao amin'ny torimasony ara-anaram-piangonana, dia tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an'Izany. Vahiny izy ireo. Ahoana, rehefa ireo bibidia faly be ireo, ao anatin'ny lamba tatsinanana mihantona eo amin'izy ireo, ary ireo fehiloha. Ary araka ny nolazain'i Philon indray mandeha hoe, "Tsy mpanjaka izy ireo, saingy izy ireo dia—tena lehibe izy ireo mba ho vahiny manan-kaja an'ilay Mpanjaka." Ary indro izy ireo, mipetraka ao ambadik'ireo biby manan-kaja ireo, raha mandeha eny an-dàlambe izy ireo, manao hoe, "Aiza Izy izay teraka ho Mpanjakan'ny Jiosy?" Ny Baiboly dia nilaza fa, "Jerosalema manontolo sy Heroda dia nikorontana ihany koa." Nanetsika zavatra ny filazan'izy ireo.

76 Tsy mampalahelo loatra ve amin'izao andro izao, fa tsy afaka miarina miala amin'ny hadalan'ny asany ara-teolojia ny fiangonana, mba hahita ny herin'ilay Kristy velona, nitsangana sy Ny Voninahiny; satria hetsika iray tsy mahay mamaky teny sy manoratra, tsy nianatra, iraisan'ny anaram-piangonana no manaitra eto amin'izao tontolo izao? Avia ka jereo ny Voninahitr'ilay Andriamanitra velona. Ny Fanahy Masina dia milatsaka mihitsy tahaka ny Nilatsahany tany amin'ny voalohany. Tsy maintsy tanteraka ny Soratra, ary indro fa eo amin'ny andro farany izany.

77 Ary raha nandroso teny an-dàlambe ireo magy ireo, nanaitra izy ireo nanomboka tamin'ilay mpanjaka hatramin'ny

mpiambina vavahady, niaraka tamin'io hafatra io hoe, "Aiza Izy? Aiza no misy Azy?" Tsy nanana ny valiny izy ireo.

78 Ary, amin'izao andro izao, rehefa miparitaka eny amin'ny lanitra ireo sambon-danitra, rehefa antomotra ireo famantaran'ny fandringanana manontolo; rehefa ireo vehivavy sy lehilahy no miroboka ao anatin'ny fahotana ary miaina ao anatin'ny tsi-fahamasinana, dia mihiakiaka ny olona hoe, "Inona no dikan'izany?" fa tsy manana ny valiny ny fiangonana. Matory izy.

79 Fa ny Fanahy Masina, ny Hazavan'Andriamanitra tsy mety maty sy Mandrakizay, dia eto mba hamiratra eo amin'izay maniry ka afaka mandray an'Izany.

80 Lasa ilay Hazavana. Nanome ny fanambarany izy ireo. Ary farany dia niantso ny Synedriona niaraka izy ireo, ho an'ny fivorian'ny filàn-kevitra. Ary niditra ireo olon-kendry sy ireo mpaminany, niaraka tamin'ny mpaminany kely iray, mpaminany madinika kely, amin'ny anarana hoe Mika, ny faminaniany. Dia hoy izy ireo tamin'ilay mpanjaka hoe, "Voasoratra hoe, 'Ianao ry Betlehema, tsy ianao ve no kely indrindra amin'ireo andrianan'i Joda? Fa avy aminao no hivoahan'ny Governora iray izay hanapaka ny Oloko, Isiraely.' Noho izany, tsy maintsy i Betlehema no hahaterahan'i Kristy, ilay Mpanjakan'ny Jiosy."

81 Eny, tsy nisy olona niteny tamin'izy ireo hoe ahoana no hahatongavana ao Betlehema. Fa nivoaka ny vavahady izy ireo, ary, rehefa niala tamin'io tanànan'ny aizina io izy ireo, dia niseho teo anatrehan'izy ireo indray ilay Hazavana. Niseho ilay Kintana. Ary hoy ny Baiboly hoe, "Nifaly tamin'ny fifaliana lehibe indrindra izy ireo." Tsy maintsy nihiakiaka kely tokoa izy ireo. Nifaly tamin'ny fifaliana lehibe indrindra izy ireo. Talanjona izy ireo. Izy ireo . . . Niseho ny kintana mba hitarika azy ireo ho any amin'ny fitodiana farany an'ny dian'izy ireo.

82 Nanaraka an'Izany izy ireo. Ankehitriny dia voamarik'izy ireo fa mihantona ambany kokoa noho izay Nihantonany taloha Izany. Akaiky kely kokoa fotsiny Izany ankehitriny. Ary farany rehefa . . . Nandeha izy ireo, nifaly sy nidera an'Andriamanitra, nandritry ny alina, notarihin'ny tànan'ny Tompo. Fa farany dia tonga tao amin'ny tranon'omby kely iray ilay Kintana, izay toerana kely iray teo amin'ny sisin'ilay havoana, zohy iray, ary nijanona teo ambonin'ilay zohy ilay Kintana. Ary ireto magy mahery ireto, teo amin'ny herintaona sy enim-bolana teo amin'ny dian'izy ireo, teny amin'ny làlany, nandeha, nandinika, tsy manaraka làlana hafa afa-tsy ilay Kintana. Ary rehefa nitsahatra Izany, dia niditra izy ireo ka nahita an'ilay Zazakely teo, Josefa sy Maria teo. Ary nitondra fanomezana avy tao amin'ny fitehirizan-drakiny izy ireo. Nanolotra ho Azy izy ireo, volamena, zava-manitra ary miora.

Raha nanana an'ilay fotoana fotsiny isika! Ndao isika hijanona iray minitra.

83 Naneho inona ilay volamena? Mpanjaka iray Izy. Tsy natao ho Mpanjaka Izy; teraka ho Mpanjaka Izy. Izy no Mpanjakan'Andriamanitra Mandrakizay. Mpanjaka iray Izy, noho izany dia nanolotra volamena izy ireo.

84 Ary nanolotra zava-manitra izy ireo. Ranomanitra iray izany, tena lafo vidy, ny tsara indrindra izay azo nalaina. Inona no dikan'ny zava-manitra, ilay ranomanitra? Izy no hanitra mani-pofona ho an'Andriamanitra, satria nandeha nanasitrana ny marary sy nanao soa Izy. Volamena, satria Mpanjaka iray Izy. Zava-manitra, satria hanitra mani-pofona ho an'Andriamanitra Izy. Tena nahafaly Azy ny Fiainany, ka nisintona fofon'aina tao amin'ny Fahamasinany sy ny hatsaran-tarehiny Andriamanitra, satria izany no Fahamasinany Manokana voataratra tao Aminy.

85 Oh, raha afaka ny ho hanitra mani-pofona iray isika, raha afaka voataratra ao anatintsika ny fahamasinan'Andriamanitra; hany ka handeha isika hanao soa, tahaka an'i Jesosy avy any Nazareta, hany ka ho hanitra mani-pofona ho an'ny Tompo izany.

86 Fa, mifamaly isika, miady hevitra isika, mikorontana isika, misalasala isika, izany no antony mahatonga an'ilay izy ho fofo-maimbo eo amin'ny vavoron'Andriamanitra. Ny fiainantsika dia niditra sy nivoaka tamin'ireo toerana fahiny izay tsy tokony hisy antsika. Milaza zavatra izay tsy tokony ho lazaintsika isika. Manao zavatra izay tsy tokony ataontsika isika. Mifamaly isika ary miandany amin'izao tontolo izao, ka mandà an'i Kristy ao amin'ireo fotoana sarotra lehibe. Izany no antony tsy ahafahantsika ho hanitra mani-pofona iray.

Fa, izany Izy, ary nanome zava-manitra ireto magy ireto.

87 Ankehitriny izy ireo dia nanome Azy miora, ihany koa. Ary ny olona rehetra dia mahafantatra fa ny miora dia zava-maniry tena lafo vidy nefa mangidy. Miora, naneho inona ny miora? Ny Fanatiny lehibe faratampony. Ny Ainy tanora, potika, teo Kalvary, izay nanorotoroin'ny fahotan'izao tontolo izao Azy ho potipotika. Volamena, satria Mpanjaka iray. Zava-manitra, an'ny Fiainany mamy, tia. Ary miora iray, nohon'ny Fanatiny ho an'ireo mpanota, izay Nahafatesany. "Teo Izy no voalefona nohon'ny fahadisoantsika, notorotoroina nohon'ny helotsika. Ny famaizana ho an'ny fiadanantsika dia teo Aminy, ary tamin'ireo Dian-kapony no nahasitranana antsika." Izany no antony nanoloran'izy ireo Azy miora.

88 Rehefa nampitandreman'Andriamanitra tao amin'ny nofy iray, dia nandeha tamin'ilay làlana hafa izy ireo. Tsy niverina, fa ny—vita ny dian'izy ireo. Nahavita ny Diany ilay Kintana.

89 Midika inona amintsika ilay Kintana, androany, ry sakaiza? Manome antsika ny valiny i Daniela, Daniela 12:3.

Izao no voalaza hoe, “Ireo izay hendry ka mahafantatra ny Andriamaniny dia hamirapiratra tahaka ny famirapiratry ny lanitra; ary ireo izay mamerina ny maro ho amin’ny fahamarinana dia hamirapiratra tahaka ny kintana mandrakizay sy mandrakizay.”

90 Inona isika, androany, arak’izany? Kintana isika. Ny Kristiana tsirairay nateraka indray dia vavolombelona iray ho an’i Jesosy Kristy Tompo, kintana iray hampitaratra ny hery sy ny fahamasinan’ny Tompo Jesosy; mba hampitaratra Azy eo amin’ny fiainany; mba hahatanteraka azy ao amin’ny Fiteniny, mba hahatanteraka azy ao amin’ny Herin’ny fanasitranany, mba hahatanteraka azy ao amin’ny Fitsanganany; mba hampitaratra Azy amin’ny fomba rehetra izay nampitarafan’Andriamanitra ilay Ray Azy tamintsika. Kintana isika.

91 Diniho! Tokony ho karazana kintana inona ianareo? Tsy notarihin’ny Heriny manokana io Kintana io. Notarihin’ireo herin-danitra an’Andriamanitra Tsitoha Izy. Ary raha mba hampitaratra an’i Kristy amin’ireo mpanota isika, dia tsy maintsy tarihin’ny Fanahy Masina. Romana 8:1, nanao hoe, “Noho izany ankehitriny dia tsy misy fanamelohana ho an’ireo izay ao amin’i Kristy, izay tsy mandeha araka ny nofo fa araka ny Fanahy.” Raha ho kintana iray isika, hampitaratra ny Hazavan’i Kristy, mba hitondra an’ireo mpanota hankeo Aminy, dia tsy maintsy tarihin’ny Fanahy Masina isika. Marina!

92 Ary tsy afaka ny ho tsotra iray isika. Tsy maintsy ho tsy mahazatra isika. Tsy afaka ny ho mahazatra isika, satria ny vahoakan’Andriamanitra dia vahoaka hafahafa iray. Efa izany izy ireo, nanerana an’ireo taona.

93 Na dia hafahafa aza, dia mbola namirapiratra ilay Kintana. Tsy mamirapiratra amin’ny fampianaran’izao tontolo izao, ny raharahan’izao tontolo izao, fa mamirapiratra ho fanatitra eo anatrehan’ny Tompo. Mampiankohoka ny tenantsika isika, tahaka ny nataon’ireo magy teo amin’ny Fanatrehan’ilay Mpanjakan’ny mpanjaka, mba hampitaratra Ny Hazavany.

94 Kintana iray ianareo. Ny Kristiana tsirairay dia kintana iray, mba hitari-dàlana ny very, hitari-dàlana ny reraka, ny tongotr’ilay mpandeha, ho an’ireo izay mitady. Noho izany, ny kintana dia tsy afaka ho voatariky ny tenany, tsy maintsy tarihin’ny Fanahy izy. Tsy maintsy mampitaratra ny famirapiratan’Andriamanitra ao amin’ny fiainany izy, mba hiala amin’ireo zavatr’izao tontolo izao, ka hiaina am-pahamasinana sy am-pahamaotinana ao amin’ity fiainana ankehitriny ity. Tsy maintsy mampitaratra ny Hazavan’ilay Anankiray lehibe izay namiratra Izy.

95 Inona àry no tokony hataontsika? Mitsangana, ary mampamiratra ny Hazavan’Andriamanitra amin’ilay eo am-pahafatesana. Ao amin’ny aizina lalin’ity izao tontolo

izao ity, dia tsy maintsy mampitaratra sy mampamiratra ny Fanatrehan'ny Tompo Jesosy ao amin'ny Herin'ny fitsanganany isika. Tahaka Azy omaly, dia toy izany koa Izy androany, mba hampitaratra Azy.

96 Fa tsarovy, avy eo, ilay Kintana, indray, rehefa nahavita ny làlany izy, dia tsy mahazo voninahitra. Nitondra an'ireo lehilahy tany amin'ny fitodiany fotsiny ilay Kintana, ary naneho tamin'izy ireo an'io Hazavana tanteraka io.

97 Ary isika, amin'ny maha-mambran'ny Vatan'i Kristy, izao maraina izao, ry sakaiza, isika no hazavan'Andriamanitra, saingy tsy mahazo voninahitra ho an'ny tenantsika isika. Rehefa azontsika ny—ny mararintsika, sy ny—ny. . . ny olona izay tarihintsika; rehefa azontsika izy ireny, dia tsy maintsy manambany ny tenantsika isika ary mitarika azy ireny eo amin'ny "ilay Hazavana lehibe sy tanteraka izay mamiratra, mba hanazava ny làlan'ny olona rehetra izay tonga eto amin'izao tontolo izao," Jesosy Kristy Tompo. Tsy angano iray antsoina hoe Santa Claus, tsy fiangonana iray amin'ny alàlan'ny anarampiangonana; fa io Hazavana marina sy tanteraka io, Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra velona.

Ndao isika hivavaka.

98 Miaraka amin'ny loha miondrika mankany amin'ny vovoka izay nangalan'Andriamanitra anareo; indray andro any, azo antoka tahaka an'ireo kintana mamiratra amin'ny alina, sy ny masoandro mamiratra amin'ny antoandro, dia hiverina amin'io vovoka io ianareo. Raha eto ianareo, eo amin'ny ankatok'ity Krismasy ity, ka tianareo ny hanana ny Fanahy Masina hitarika anareo ho eo amin'ilay Mpamonjy, ka hanaiky Azy amin'izany fanao izany, dia hanangana ny tànanareo Aminy fotsiny ve ianareo ka hanao hoe, "Andriamanitra, mamindrà fo amiko. Mamirata eo amin'ny làlako raha mandeha isan'andro aho. Ary tariho aho, amin'ny farany, ho any amin'io Hazavana tanteraka io, mba ahafahan'ny fiainako hifangaro amin'ny Azy ka hanana Hazavana tsy mety maty, Mandrakizay aho."

99 Ny Tompo hitahy anao, ranabavy malalako; ary ianao, ranabaviko; ianao, rahalahiko; ianao iry aoriana iry, rahalahy; ary ianao, ranabavy; ary ianao, rahalahiko. Mahita ny tànanareo Andriamanitra. Oh, ianao ranabavy, mahita anao ny Tompo. Eny, eto, ramatoa, mahita anao ny Tompo, izany tokoa.

100 "O Jesosy, alefaso ny Fanahy Masina izao maraina izao, tariho ny fiainako mahantra diso làlana. Nihazakazaka aho ary nikambana tamin'ny fiangonana anankiray; Katolika iray aho, ary avy eo dia Batista iray aho, ary avy eo dia Presbyterana iray aho. Nandeha nankany amin'ny Pentekotista aho. Nandeha hatraiza hatraiza fotsiny aho. Ary hitako, Tompo, izaho—manontany fotsiny aho; tsy fantatro hoe aiza no itsanganako. Fa aoka io Vatan-danitra io, aoka io Vatan-danitra an'ny Kintan'ny

Maraina io, ilay Fanahin'Andriamanitra lehibe, hitarika ahy androany ho eo amin'io toerana ao Aminy io izay tiako hisy ahy, izay ahafahako manao ny foko ho fihinanam-bilona sy fandrian-jaza ho an'io Anankiray io; mba Ahafahany mitarika ahy manerana an'ireo aloka rehetra, ireo lohasaha aloky ny fahafatesana, ka tsy hatahotra aho rehefa tonga eo amin'io làlana io."

101 Hisy iray hafa ve alohan'ny hamaranana mihitsy? Andriamanitra hitahy anao, tompoko; ary ianao, tompoko; ary ianao, tompoko. Eny, fotoana lehibe iray an'ny lehilahy izany, tompoko. Ilay hafa dia vehivavy ny ankamaroany; amin'ity fotoana ity dia lehilahy no nanangana ny tànany. Azo antoka, ireo olon-kendry no tonga, nikaroka, nanaraka an'ilay Hazavana. Mila anareo Andriamanitra. Kely Mar-. . .

102 Nandeha nankao an-tanàna i Maria kely sy Josefa, ary tao no teraka Jesosy. Tamin'ny fotoana nahatongavan'ireo magy, ela be vao tonga izy ireo, saingy farany dia tonga teo amin'ny fiafarany lehibe izy ireo, ilay Kintana no nitarika azy ireo. Ankehitriny efa ela be ianareo no te-ho Kristiana iray, angamba efa nanao dia lava iray ianareo. Ity no fiafarany izao maraina izao, angamba, satria handray Azy ho Mpamonjinareo ianareo ankehitriny raha mitondra Azy ao am-ponareo ianareo. Anankiray amboniny, alohan'ny hamaranantsika an'ity antso eny amin'ny alitara ity? Ny Tompo hitahy anao. Tena tsara. Misaotra anao.

103 Ary ankehitriny dia firy no hilaza ato hoe, "O Tompo, araka ny nolazain'ny Soratra tamiko, izay tsy mety diso, hoe tao amin'io miora izay natolotra Anao io, dia naneho tao anatiny tao, an'ilay fandrarahana ny Ainao. 'Ianao dia voalefona nohon'ny fahadisoanay, tamin'ireo Dian-kapokao no nahasitranana anay.' Niaritra an'ilay kapoka mangidy teo amin'ny andry fikapohana Ianao, mba hanasitranan'ireo Dian-kapokao anay. Mila ny Herinao manasitrana aho, androany, Tompo. Hanala an'ireo fisalasalana rehetra hiala amin'ny fiainako fotsiny ve ianao? Esory amiko izany, mba tsy hisalasala intsony mihitsy aho. Ary avelao aho hanatona Anao am-panetre-tena, izao ankehitriny izao mihitsy, ka hino Anao ho an'ny fahasitranako."

104 Hanangana ny tànanareo ve ianareo, izay, ianareo olona marary? Ny Tompo anie hanaiky ho anareo ny fangatahanareo, ry sakaiza malalako.

105 Afaka hisalasala Aminy ve ianareo? Tsia tokoa. Mitsangana Izy androany amin'ny maha-Zanaka Paska na. . .amin'ny maha—ny Zanaka Krismasy, ilay Zanak'Andriamanitra, ilay Anankiray ampy tanteraka. Manatanteraka ny fitakiana tsirairay Izy. Manatanteraka ny ilaina tsirairay izay ilainareo Izy. Raiso fotsiny Izy. Inona no notenenina tamintsika mba hatao ao amin'ny Baiboly? "Mametraha tànana amin'ny marary dia ho sitrana ireny."

106 Ankehitriny, Ray any An-danitra, mitondra eo Aminao an'ity vondron'olona kely ity aho izay Nirahinao izao maraina izao mba hihaino ny Hafatr'ilay Kintana. Ahoana fa mifanaraka amin'ny olona Ianao amin'ny lafim-piainana rehetra! Mifanaraka amin'ilay mpanao toaka sandoka Ianao. Mifanaraka amin'ilay mamolava Ianao. Mifanaraka amin'ilay siantifika Ianao. Mifanaraka amin'ilay mpikarakara tokantrano Ianao. Mifanaraka amin'ilay mpitoriteny Ianao. Mifanaraka amin'ilay mambram-piangonana Ianao. Andriamanitra Ianao. Tena lehibe Ianao ka tsy misy afaka handositra Anao. Ary ireo izay tso-po ao am-pony, dia maneho famindrampo amin'ireo avy amin'ny firenena rehetra sy ny finoana rehetra Ianao.

107 Noho izany dia misaotra Anao izahay izao maraina izao ny amin'ireo izay nanangana ny tànany, eo amin'ny roapolo na telopolo eo, no notombanako. Ary mivavaka aho, Andriamanitra, mba amin'ity fotoana ity mihitsy, izao ankehitriny izao, mba ilay Hazavana lehibe Mandrakizay sy tsy mety maty no hiditra ao amin'ny fanahin'izy ireo, mba hahitan'izy ireo an'io fiadanan-tsaina izay nirian'izy ireo fatratra sy notadiaviny io, amin'ny alàlan'ny fikambanana amin'ny fiangonana sy—sy fanaovana fombam-pivavahana sasany. Fa enga anie ny Fanahy Masina hamiratra eo amin'izy ireo.

108 Araka ny nolazain'i Isaia hoe, "Mipetraka ao anatin'ny aizim-pito ity vahoaka ity, fa Hazavana lehibe iray no namiratra teo amin'izy ireo." Ekeo, Tompo, mba ho tanteraka io faminaniana io androany ao amin'ireto fo izay maniry fatratra Anao ireto. Omeo azy ireo izany fiadanana izay mihoatra ny fahazoana rehetra izany, sy manome azy ireo fahafaham-po tanteraka iray hoe efa nihaona Taminao izy ireo sy niresaka Taminao, ary nanolotra ny ainy ho Anao, torotoro sy rovitra tanteraka; mba Ianao, miaraka amin'ny Volamenanao, zava-manitra sy miora, no hanasitrana azy ireo sy hanao an'ireo olona ireo, ho fanaka omem-boninahitra ho an'ny Voninahitrao Manokana. Ekeo izany, Tompo.

109 Ary ankehitriny ho an'ny marary sy ny ory, dia misy baiko iray izay Nomenao anay, mba hivavahanay sy hametrahanay tànana eo amin'izy ireo. Ary Ianao no nilaza, ireo teny farany izay nilatsaka avy teo amin'ireo Molotrao sarobidy hoe, "Mandehana ianareo mankany amin'izao tontolo rehetra izao ka mitoria ny Filazantsara. Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino; ary raha mametraka ny tànany eo amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny."

110 Mahafantatra anankiray izahay, zazavavy kely malala iray mandry eto, izay efa nentin'ireo malala mahatoky tamin'ny fiaramanidina avy any Florida, ary eo amin'ny dingana iray tena matotra mihitsy izy izao ankehitriny izao. Rehefa, maro tamin'ireo Mpanomponao no efa nivavaka. Ary—ary dokotera

maro no nijery ka nanetsiketsika ny lohany izy ireo, ary nanao hoe, "Tsy mety hisy na inona na inona hafa." Fa tena faly aho fa ilay reny kely, sy ireo izay liana, dia tsy manaiky handray an'izany ho valiny iray. Tapa-kevitra izy ireo ny hahita fa efa voakodia ny vato tsirairay. Raha afaka mahita fitia amin'ilay Andriamanitra velona fotsiny mantsy izy ireo, dia ho salama ilay ankizy kely malalany, ary ho velona izy. Oh, ekeo izany, Tompo, miaraka amin'ireo hafa izay mipetraka eto.

111 Maro no mipetraka eto izao maraina izao, izay afaka hitsangana ka hijoro vavolombelona tahaka ny nataon'ireo magy hoe, "Nahita ny Kintany tany atsinanana izahay." Maro no afaka hitsangana ka hanao hoe, "Efa nanandrana ny Fahatsarany izahay, ary efa nahatsapa ny Heriny manasitrana," izay nanaisotra tamin'ny vatan'izy ireo, ny homamiadana, sy maso jamba, sy ranjo kilemaina, ary ireo karazan'aretina rehetra. Ary mihiakiaka fiderana Azy izahay, amin'ny tampon'ny feonay, manerana ny firenena, Tompo.

112 Aoka ireto, izao maraina izao, ireo Zanakao izay eto androany ankehitriny, ho mpandray anjara amin'ireo Fitahiany ihany koa. Raha manao an'ireo andraikitray izahay amin'ny maha-mpitoriteny, mba hivavaka sy hametra-tànana eo amin'izy ireo, dia ekeo, Tompo, mba ho sitrana izy ireo amin'ny Anaran'Ny Zanakao, ny Tompo Jesosy, Izay nanao hoe, "Angataho amin'ny Ray ny zavatra rehetra amin'Ny Anarako, Hataoko izany." Ahoana no ahafahanay hisalasala an'izany, raha Andriamanitra no nilaza an'izany? Tena marina mihitsy tahaka ny tsy maintsy nahatanterahan'ireo faminanian'i Daniela ireo, tena marina tahaka ny ahaveloman'Andriamanitra, no tsy maintsy hahatanteraka ny Teny tsirairay. Ary mivavaka aho mba Hanekenao an'izany ho an'ny Voninahiny. Amena.

113 Ilay izy araka ny finoako manetry tena indrindra, sy ny fahatsoram-po ary ny fahitsian'ny foko, hoe raha ireo lehilahy sy vehivavy eto ankehitriny izay nanangana ny tànanareo mba hanaiky ny Tompo Jesosy ho Mpamonjinareo manokana . . . Fantatro fa fanao ny mitondra ny olona eo amin'ny alitara. Mety tsara izany. Tsy manana na inona na inona manohitra an'izany aho. Fa ny fanatonana ny alitara, dia zavatra tokana ihany no azonareo atao, izany dia, ny miteny amin'Andriamanitra fa mankasitraka ianareo fa namonjy anareo Izy. Satria, amin'ilay minitra hoe matotra amin'izay lazainareo ianareo, rehefa manangana ny tànanareo, dia manaiky anareo eo amin'ny filazanareo eo no ho eo Andriamanitra. Nanohitra an'ireo lalàn'ny fisintonana ianareo, ary tahaka ny nanoheran'io Kintana io an'ireo lalàn'ny fihodin'ny masoandro mihitsy.

114 Mihetsika araka ny fahazarana ny fihodin'ny masoandro. Tahaka an'izany no tsy maintsy ihetsehany. Fa nanohitra an'izany ity Kintana ity, nihoatra an'izany rehetra izany mihitsy, satria Andriamanitra no nanao ny fitarihana.

115 Amin'izao andro izao ilay fanao mahazatra dia milaza fa maro aminareo eto no tsy maintsy ho faty. Efa nanao an'izay rehetra azony natao ilay dokotera. Marina izany. Fa ny Fanahin'ilay Andriamanitra velona dia manohitra an'izany, nanao hoe, "Hitondra anao hatramin'ny farany Aho." Aza, mety tsy hitranga ao anatin'ny iray segondra izany. Niaritra izy ireo, raha nahita Azy izay tsy hita maso. Nomena teny fikasana iray i Abrahama, ary niandry dimy amby roapolo taona talohan'ny nitrangan'izany, saingy nandroso izy ka niantso ny zavatra rehetra izay nifanohitra tamin'ilay teny fikasana ho toy ny tsy nisy.

116 Tsy ho nitsangana teto aho eo amin'ity ankatoky ny Krismasy ity ka hilaza an'ireo zavatra ireo eo anatrehan'ity vondron'olona kely ity raha tsy fantatro izay resahako.

117 Omaly, mety manatrika ilay vehivavy, ny anarany dia Rtoa. Wright. Eto ve ianao, avy any New Albany, Rtoa. Wright? Maro aminareo no mety mahafantatra azy. Izy dia, mino aho, vehivavy iray fantatra tsara any New Albany. Ilay asam-panasitranana farany teto, izay. . . Tsy fantatro; teo ambanin'ny fahaiza-mamantatra ilay izy. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

118 Amin'ny Alahady heriny hariva, raha sitraky ny Tompo, dia mety hanandrana fahaiza-mamantatra iray isika. Tsy afaka mahavita an'ilay izy isika amin'ny Alahady maraina, tsara, satria efa nahita ianareo tamin'ny Alahady lasa maraina, herinandro iray, an'izay nitranga. Hitanareo, tsy tonga eto ara-potoana ny olona mba hilahatra, sy ny sisa, amin'ny maraina, satria manana ny vilianareo ho sasana ianareo, sy ny sisa. Fa, amin'ny Alahady hariva, dia hanandrana an'izany isika angamba amin'ny Alahady heriny hariva, raha sitraky ny Tompo.

119 Raha mbola nandeha ny fahaiza-mamantatra, tranga anankiray fotsiny no tiako holazaina, aorian'ny hitenenako aminareo ny amin-dRtoa. Wright mihitsy.

120 Tsy afaka tonga teto izy. Ireo dokoteran'i New Albany, afaka miantso ny anaran'izy ireo aho, saingy mety tsy fahendrena ny manao an'izany, satria matetika dia tsy tian'izy ireo ny, hanaovanareo an'izany. Miezaka isika ny hiaina am-pilaminana miaraka amin'ny olona rehetra, arak'izay azo atao.

121 Ary tiantsika ireo dokoterantsika. Ireo dokotera, angamba, dia mipetraka eto izao maraina izao. Manana sakaiza dokotera maro aho, lehilahy tsara, lehilahy Kristiana izay matoky an'Andriamanitra. Tsy mpanasitrana izy ireo; olona fotsiny izy ireo. Ary izay azon'izy ireo atao, ara-batana, dia hataon'izy ireo izany. Manampy ny natiora fotsiny izy ireo. Izy ireo tsy. . . Mametraka taolana iray izy ireo; manaisotra sakana iray, zavatra tahaka an'izany. Fa Andriamanitra no tsy maintsy mamorona sela. Andriamanitra irery ihany no Anankiray izay

afaka manasitrana, na—na manamboatra nofo; tsy misy fanafody hanao an'izany.

122 Ankehitriny, ity vehivavy ity dia nanana vato tao amin'ny rà nipetraka tao amin'ny fony. Efa enimpolo taona izy. Nivonto be izy ka niverina ho goavana tahaka azy nahazatra indray. Dia niantso tamin'ny telefona izy ireo, ary ny vadiko no nitondra ahy nankeo amin'ny telefona, ka nanao hoe, "Billy, izy ireo . . . te-hiresaka aminao ny vehivavy iray, any New Albany."

123 Hoy aho hoe, "Eny, ranabavy, tongava, izao maraina izao. Hanana asam-panasitranana iray izahay any amin'ny tabernakla."

124 Hoy izy hoe, "Ranadahy malalako," hoy izy, "maniry aho ny ho afaka hitondra azy, saingy tsy afaka mihetsika akory aza izy." Dia hoy izy, "Eo am-pahafatesana izy izao ankehitriny izao." Ary hoy izy, "Tsy misy fanantenana ho azy." Dia hoy izy, "Efa nandre an'ireo zavatra lehibe izay nataon'Andriamanitra tamin'ny alàlan'ny vavakao izahay. Tsy hivavaka ho azy ve ianao? Ho avy ve ianao?"

125 Hoy aho hoe, "Tsy afaka ho tonga aho. Fa afaka mametraka ny telefona eo amin'ny sofiny ve ianao?"

126 Hoy izy hoe, "Mino aho fa afaka hamindra ny fandriany aho." Dia nafindrany ilay fandriana, ary nalainy ilay vehivavy; zara raha afaka niteny.

127 Hoy aho hoe, "Raha hino ianao!" Ny finoana no fahatokiana an'ireo zavatra antenaina. Tsy izay eritreretinareo fotsiny; fa izay tena fantatrareo marina tokoa. Ny finoana dia . . .

128 Nilaza aho indray Alahady hoe, "Raha matin'ny hanoanana aho, ka nangataka . . . " Mofo anankiray no hamonjy ny aiko, nefa manome ahy dimy amby roapolo cents ianareo; afaka mifaly aho na izany aza toy ny hoe efa nanana an'ilay mofo aho, satria misy mofo betsaka eo.

129 Ary misy hery betsaka hanasitrana eo. "Raha mety mino ianao," izany dia ireo dimy amby roapolo cents; afaka mifaly aho. Satria, angamba folo maily avy eo amiko ilay mofo, fa, rehefa manana an'ireo dimy amby roapolo cents aho, ny finoana no fahatokiana an'ireo zavatra antenaina. Faly mihitsy aho miaraka amin'io dimy amby roapolo cents io toy ny hoe efa nihinana an'ilay mofo aho, na dia mbola manana làlana lavitra handehanana aza; mandalo amin'ireo lohasahan-drano, ary miampita amin'ireo fitàna marivo, ary eo amin'ireo hazo fiampitana, ary midina mamakivaky an'ilay làlana misy tsilo, ka miakatra an'ilay havoana. Mety ho lasa noana kokoa foana aho, hany ka tratry ny vokin'ozatra; tena noana aho. Saingy hifaly foana aho, satria mihazona an'ireo dimy amby roapolo cents, ny vidin'ilay mofo iray, tsy mampaninona na inona ireo toe-javatra.

130 Nifaly nandritry ny dimy amby roapolo taona i Abrahama, nihazona an'ilay finoana tao am-pony hoe Andriamanitra dia mahay manatanteraka an'izay Nampanantenainy. Ary azony izay nangatahany.

131 Ry malala indrindra etsy, ranabavy. Tsy mampaninona na inona ireo zava-misy, raiso io dimy amby roapolo cents io, io finoana io, f-i-n-o-a-n-a. Raiso eo an-tànanao izany, raiso ao am-ponao izany, manaova hoe, "Tsy mampaninona izay mitranga. . ." Ankehitriny dia tsy afaka ho mody-mino ianao. Tsy maintsy mino marina tokoa ianao. "Ho velona ny zanako, satria ao am-poko. . .Andriamanitra no nanao teny fikasana iray, ary manana finoana hino an'izany aho." Ary avy eo dia lasa negatifa ny zavatra hafa rehetra. Hitanao? Andriamanitra no manao azy hiditra avy hatrany ao amin'io—io faritra io.

132 Niantso ahy io vehivavy io omaly. Ny sasany tamin'izy ireo namaly ny telefona; tsy te-handray an'izany izy. Nandeha teo amin'ny telefona ny vadiko; tsy te-handray an'izany izy. Te-hiresaka tamiko izy. Hoy izy hoe, "Ranadahy Branham, midera ny anaranao aho."

Hoy aho hoe, "Ny anarako? Ho an'ny inona no anaovanao an'izany?"

Hoy izy hoe, "Oh, raha afaka mahita ahy fotsiny mantsy ianao!"

Hoy aho hoe, "Noho izany dia deraina Andriamanitra, Izy no ilay Anankiray Izay nanao an'izany."

133 Hoy izy hoe, "Any ireo dokotera dia tsy afaka mahita pentina iray an'io vato ao amin'io rà io akory aza. Niparitaka ilay izy ary lasa. Ary ara-dalàna aho, mandehandeha ao amin'ny fahasalamana tsara, ny fahasalamana tsara indrindra izay naha-izy ahy tao anatin'ny taona maro." Ny anarany dia Rtoa. Wright. Mipetraka izy ankehitriny. . .Noteneniny tamiko ny fanampin'anarany. Any ho any any New Albany, tsy fantatro izao ankehitriny izao.

134 Teo ambanin'ny fahaiza-mamantatra, tamin'ny Alahady lasa, herinandro iray izay, nitsangana teto, hoy aho hoe, "Tsy mila olona avy amin'ny tabernakla aho. Ireo izay tsy avy amin'ny tabernakla no ilaiko. Aoka ny Fanahy Masina no hiteny." Fa na ahoana na ahoana, tany lavitra tany ho any tany amin'ny ilany iray na ilay hafa, nisy lehilahy kely iray amin'ny anarana hoe Hickerson, isika rehetra dia mahafantatra an-dRahalahy Hickerson. Izy no tena amboara iray tena izy an'ny fahasoavan'Andriamanitra. Ary nisitrika tao ambanin'ny olona sasantsasany izy. Tsy nahafantatra azy akory aza aho. Fa ny Fanahy Masina no nandahatra an'izany rehetra izany. Nijery avy teo amin'ny sandrin'ny lehilahy iray izy, nipetraka tery aoriana tery, ary tsy fantatro hoe iza izy.

135 Dia hoy aho hoe, “Ilay lehilahy kely nijery ahy, avy teo amin’ny sandrin’io lehilahy io. Mivavaka mikasika malala iray izy, mino aho, rahalahy iray na zaodahy, na zavatra iray, izay tany amin’ny toeram-pitsaboana ny marary saina; vita ara-tsaina, ary tsy nisy fanantenana ho azy mba ho sitrana.” Ary Izao no voalaza hoe, “HOY NY TOMPO HOE. Ho sitrana izy.” Ary nino an’izany ilay lehilahy kely, kanefa tsy nahafantatra na inona na inona mikasika an’izany aho nandritra ny andro maro taorian’izany.

136 Ary omaly dia navoakan’izy ireo avy tao amin’ilay toeram-pitsaboana ny marary saina any Kentucky izy, hoe, “lehilahy iray tanteraka, ara-dalàna, salama.” Ary ny rahalahy mpitory teny kelintsika Metodista, Rahalahy Collins, amboara iray hafa an’ny fahasoavan’Andriamanitra. Mety eto izy izao maraina izao. Izy roa ireo, izy rehetra ireo, mety eto. Tonga tany an-tranoko aho omaly hariva, niaraka tamin-dRahalahy Palmer avy any Georgia, ary niteny fa nandalo io zazalahy io, teny amin’ny làlany nankany Louisville, rehefa avy navoaka avy tao amin’ilay toeram-pitsaboana ny marary saina. Izy dia efa voavonjy, ihany koa, ary nandeha tany mba hanao fanonerana ho an’ny fahadisoany rehetra izay nataony; amboara iray. Ny fahasoavan’Andriamanitra tsy mety maty!

137 Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Aza mamela an’ilay fahavalo hamitaka anareo. Misy Hazavana tsy mety maty iray mamiratra; io Hazavana tsy mety maty io dia Jesosy Kristy, Zanak’Andriamanitra. Minoa Azy. Ampifikiro ao amin’ny fonareo izany. Raiso ho finoana izany.

138 Ndao isika hivavaka ka hahafantatra, hametra-tànana eo aminareo, hanosotra diloilo anareo, diniho izay hataon’Andriamanitra, tsy mampaninona ireo toe-javatra.

139 Jesosy no nilaza, ao amin’ny Marka 11:24, hoy Izy hoe, “Raha hiteny amin’io tendrombohitra io ianareo hoe, ‘Miongota ary mianjerà any an-dranomasina,’ ka tsy misalasala ao am-ponareo, fa mino fa izay lazainareo dia hiseho, dia ho azonareo izay lazainareo.”

140 Ankehitriny dia mamelà ahy hanonona an’ilay leksika, ilay Grika tany am-boalohany izany. Tahaka an’izao no vakin’izany. “Raha hiteny amin’io tendrombohitra io ianareo hoe, ‘Aoka hitsangana ianao ka hianjera ao anatin’ny ranomasina,’ ka tsy misalasala ao am-ponareo, fa mino fa hiseho izay nolazainareo, dia afaka mahazo an’izay lazainareo ianareo.”

141 Rehefa hoy ianareo hoe, “Ry tendrombohitra, mifindrà,” nefa mbola mitsangana eo foana izy, dia hoy ianareo hoe, “Eny, tsy nitranga ilay izy”? Oh, nitranga izany. Rehefa hoy ianareo hoe, “Ry tendrombohitra, mifindrà,” angamba voam-pasika kely anankiray tsy misy dikany no niendaka, avy amin’ireo an-jatony lavitrisa sy lavitrisa taonina. Voa kely anankiray no nihetsika,

saingy manomboka miseho ilay izy. Hazòny io finoana io dia diniho fa manjavona io tendrombohitra io. Izany tokoa.

142 Raha hilaza ao am-ponao ianao hoe, “Ry aretina, mialà amin’ny zanako. Ry aretina, mialà amin’ny vatako, amin’ny Anaran’ny Tompo Jesosy,” ka tsy misalasala. Eo mihitsy no handraisan’ireo tsimoka tsara fiadiana vaovao iray sy fitaovam-piadiana vaovao iray, ka manomboka mihemotra ilay fahavalo. Resy izy satria Kristy, tamin’ny fisotroana ny Miorany teo Kalvary, dia nandresy ny devoly sy ny tsirairay avy tamin’ny heriny. Ary Nendahany taminy ny zavatra rehetra izay nananany, ka tsy misy afa-tsy fihamboana iray izy; afaka manohy miaraka amin’izany izy, hataony izany.

143 Tapa-kevitra isika, nohon’ny fahasoavan’Andriamanitra, ny hitory ny Filazantsara sy hampitaratra Ny Hazavany mandra-Pihaviny.

144 Ankehitriny, Tompo, ny sisa dia Anao. Hiantso an’ireto olona ireto izahay ankehitriny, ary enga anie ho tonga eto amin’ity tabernakla kely ity ny Fanahy Masina ka hamorona finoana iray ao amin’ny fo tsirairay, raha mitsangana izy ireo ka mandalo eto mba hivavahana. Enga anie izy ireo hiala androany ka hanao tahaka an’ireo olon-kendry ireo; rehefa nahita an’ilay Kintana indray izy ireo, taorian’ny fotoan’ny aizina, dia nifaly tamin’ny fifaliana lehibe indrindra izy ireo; ary enga anie ireto olona ireto, raha hosorana sy ivavahana izy ireo. Hoy Jakoba, ao amin’ny Filazantsara hoe, “Antsoy ireo loholona ka aoka izy ireo hanosotra diloilo azy ireo sy hivavaka ho azy ireo. Ny vavaky ny finoana no hamonjy an’ilay marary.” Enga anie ny olona hifaly amin’ny fifaliana lehibe indrindra, mahafantatra fa niditra tao am-pon’izy ireo ny finoan’Andriamanitra, ka hahazo an’izay angatahany izy ireo.

145 Ankehitriny, Ray, efa nanao ny Anjaranao Ianao. Efa nataoko izay rehetra fantatro hatao, afa-tsy ny mametra-tànana eo amin’ny olona sy manosotra azy ireo. Ankehitriny dia azy ireo ny sisa. Enga anie izany tsy ho diso. Enga anie ny kodia tsirairay an’ny famantaranandron’Andriamanitra tsy mety maty hiasa tanteraka izao maraina izao, raha hosorana ny marary. Nohon’ny amin’i Jesosy Kristy no angatahanay an’izany, amin’Ny Anarany. Amena.

Raha afaka ianareo:

> Minoa fotsiny, minoa fotsiny ihany,
> Ny zavatra rehetra azo atao, fotsiny . . .

146 Toy ny ahoana no anaovan’io hira io zavatra amiko! Fiteny an-jatony, no nandrenesako an’ireo mpanompo sampy sy ireo Hottentot nihira an’izany rehefa tonga teo amin’ny lampihazo aho.

147 Io vehivavy iray io ihany, ilay mpitendry piano iray ihany, araka ny fantatro, no nampahafantatra ahy an’ilay hira, iraika

ambin'ny folo taona lasa izay, talohan'ny nialako tao amin'ny asam-panompoana. Paul Rader, sakaizako, no nanoratra azy.

148 Jesosy, nidina avy teny an-tendrombohitra, dia nahita zazalahy iray tratry ny androbe Izy. Tsy afaka nanao na inona na inona mikasika an'izany ireo mpianatra. Hoy izy hoe, "Tompo, mamindrà fo amin'ny zanako."

149 Hoy Izy hoe, "Mety Aho raha hino ianao, satria ny zavatra rehetra azo atao, minoa fotsiny." Teo no nandraisan'i Paul ny lahateniny.

> . . . minoa fotsiny;
> Fotsiny . . .

150 Ankehitriny dia mitodiha miala amin'ny aretinareo ankehitriny.

> . . . minoa fotsiny,

Tsy afaka manao an'izany ve ianareo?

> Ny zavatra rehetra azo atao, fotsiny . . .

151 Tsarovy fotsiny, mitsangana eto Izy. Maha-te-ho tia Izy. Izy no nampanantena an'izany. Mampitaratra ny Hazavany Izy; jereo ireo hafa izay sitrana. Azo antoka, ianareo dia afaka, ihany koa. "Jereo aho," lehilahy jamba iray sitrana, hitanareo. Jereo ireo hafa, jereo fotsiny hoe ahoana, oadray, inona no nataon'ny Tompo!

> . . . azo atao,

152 Firy no mino fa izao ankehitriny izao dia manana finoana ianareo ao am-ponareo mba hilaza hoe, "Mino aho fa nilamina hatreo izany. Mino aho fa afaka manaiky Azy aho izao ankehitriny izao. Mino aho fa afaka milaza aho hoe ho salama aho. Tsy mampaninona izay miseho, milaza amin'io tendrombohitry ny aretina io aho hoe, 'Mifindrà ka mialà amiko, na ireo malalako, na inona na inona izany.' Ary mino aho fa hiseho izany"?

153 Diniho izay miseho. Hanomboka ho rovitra io aretina io. Hanomboka hifindra izy. Ny zavatra voalohany fantatrareo, hilaza ilay dokotera hoe, "Inona no nitranga teto?" Marina izany, raha mety mino ianao.

154 Ho avy ve ianao, Rahalahy Neville? Ankehitriny aoka ireo izay ato amin'ity làlantsara *eto* ity, hitsangana eto amin'*ity* ilany ity. Ary ianareo izay ato amin'*ity* làlantsara ity, mandehana avy hatrany any aoriana ary tongava avy hatrany, raha sitrakareo, mba hahafahantsika manana laharana tokana. Nasainay nandroso ireo loholona, mba hitsangana miaraka amin'ny olona, raha ivavahana izy ireo.

155 Ankehitriny, ilay zazavavy kely, handeha hidina izahay ary hivavaka ho an'io ankizy kely mandry eto io. Ho tonga eo amin'izay misy azy mihitsy izahay.

156 Tiako ireo izay. . . ireo hafa izay hivavahana, handeha eto amin'ity ilany ity ankehitriny. Tiako ny olona tsirairay ato ho ao amin'ny vavaka izao ankehitriny izao. Misy ampahany idiranareo amin'ity. Ireo mpampiditra olona izay mitsangana eo no hitarika anareo ao amin'ilay laharana izay natao hilaharanareo amin'izao fotoana izao.

> Ny zavatra rehetra azo atao, minoa fotsiny.
>
> Aza matahotra, ry ondry vitsy, avy eo amin'ny hazo fijaliana ka hatrany amin'ny Seza fiandrianana,
> Avy tamin'ny fahafatesana nankao amin'ny fiainana no Nandehanany ho an'ny Azy Manokana;
> Ny fahefana rehetra eto an-tany, ny fahefana rehetra any Ambony,
> Dia nomena Azy ho an'ilay andian'ondrin'ny Fitiavany.

Inona no lazain'ny kintan'ny Krismasy iray ankehitriny?

> Minoa fotsiny, minoa fotsiny,
> Ny zavatra rehetra azo atao, minoa fotsiny;
> Minoa fotsiny, minoa fotsiny,
> Ny zavatra rehetra azo atao, minoa fotsiny.

157 Ry sakaiza malalako, misy maro ato no mivavaka ho anareo ankehitriny; lehilahy tsara sy vehivavy tsara, masina, vehivavy sy lehilahy masina.

158 Mitsangana eto akaikiko eto ny Rahalahiko Neville, izay efa fantatro nandritry ny taona maro fa olona masina iray. Ireo olona izay tonga eto avy any ivelan'ny tanàna, niantso ahy tamin'ny telefona izy ireo, nanao hoe, "Iza io lehilahy kely io, ny pasiteranao ve? Omeo ahy ny adiresiny; te-hanoratra aminy aho. Toy ny hoe lehilahy iray tena tso-po izy." Tena faly aho fa afaka milaza hoe, "Ary iray amin'ireo olona mahatoky indrindra izay fantatro." Miaina an'izay toriany sy resahany izy. Manana an'ilay tavoaran'ny hosotra izy eny an-tànany.

Andriamanitra manana ny hery eny an-Tànany.

159 Manana an'ilay finoana ao am-ponareo ve ianareo? Raha manana ianareo, dia tsy maintsy mitranga izany. Eto am-pita eto, dia misy mpitoriteny, olona masina mipetraka eto izay hivavaka ho anareo. Misy zavatra tsy maintsy hitranga ankehitriny.

160 Nisy Zavatra nitondra anareo hatreto; izany dia ilay Kintana, ankehitriny, ilay Kintana, ilay Kintan'ny Maraina. Ankehitriny dia raiso ilay Hazavana tsy mety maty, Mandrakizay. Tahaka anareo fotsiny, manaraka an'ity fanao ity isika, tahaka ny manao batisa anareo, na inona na inona,

hitanareo. “Hosory diloilo ny marary, mivavaha ho azy ireo; ny vavaky ny finoana no hamonjy an’ilay marary.”

161 Jesosy no nilaza, ireo teny farany ho an’Ny Fiangonany hoe, “Izao famantarana izao no hanaraka an’ireo izay mino; hametraka ny tànany eo amin’ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny.” Amin’ny teny hafa, dia hilaza an’izao aho, hametraka an’izany amin’ny teny izay ahafantaranareo azy hoe, “Na aiza na aiza hitoriana an’ity Filazantsara ity, any amin’izao tontolo rehetra izao, hametra-tànana amin’ny marary ireo Mpanompoko, dia ho salama izy ireo.” Marina. Hitanareo?

162 Ankehitriny zavatra tokana ihany no manameloka an’izany, izany dia, ny tsi-finoana. Hitanareo, izany dia tsy mametraka . . . na dia—raha izaho sy ny rahalahy iray aza no . . . tsy mendrika hitory ny Filazantsara akory aza; fa, tsy mendrika izahay, nohon’ny Fahasoavany fotsiny ihany. Fa, tsy mampaninona izay haha-izy anay, ilay izy dia Ny Teniny. Izy, tsy voatery hijanona eo anilantsika Izy, fa tsy maintsy mijanona eo anilan’Ny Teniny Izy, “Raha mety mino ianao.”

163 Ankehitriny firy eo amin’ny mpanatrika no hivavaka ho an’ireto olona ireto? Atsangano ny tànanareo. Tiako ianareo olona hijery any ivelany. Any no handehanan’ireo vavaka, mankany An-danitra ho anareo ankehitriny. Ankehitriny ny loha tsirairay miondrika ary ny olona rehetra mivavaka, raha manosotra ny rahalahy.

164 Iray minitra fotsiny ankehitriny, hanao an’ity vavaky ny fiangonana ity isika ho an’ireto eto ireto.

165 Tompo mpamindra fo, mandroso izahay ankehitriny amin’ny maha-Mpanomponao, mba hanao ny andraikitr’ireo mpitoriteny. Misy maro eto, Tompo, ao amin’ilay laharana, izay tena, tena marary, tsy isalasalana. Ny sasany amin’izy ireo dia akaikin’ny fahafatesana. Ary ny sasany amin’izy ireo dia mbola eo amin’ny sezany foana. Ohatra, ilay zazavavy kely izay avy any Florida. Misy sasany eto avy any Georgia sy avy amin’ny toerana samihafa, avy any Indianapolis, ny sasany avy any Ohio, miangona ato amin’ity vondrona kely ity izao maraina izao, efa niandry teto tao amin’ireo hotely sy ny zavatra rehetra, miandry an’ilay ora mba hivavahana. Efa tao amin’ireo fivoriana izy ireo. Efa nandinika ny Tànanao nihetsika sy niasa izy ireo. Ary eto mihitsy ankehitriny ny . . . Tompo, esory ny tantara foronin’i Santa Claus ka ento amin’izy ireo ilay tena fanomezan’ny Krismasy. Omeo fahasalamana tsara izy ireo izao ankehitriny izao, Tompo, satria tonga izy ireo mino.

166 Ary tonga izahay, mitsangana eo anelanelan’izy ireo sy ny Tompo Andriamanitry ny Lanitra, mba hanao fanelanelanana ho azy ireo, mba hivavaka sy hanome fitenenana avy amin’ny feonay manokana, ho azy ireo. Enga anie tsy hisy anankiray amin’izy ireo, Tompo, ho diso amin’ny fananana finoana.

167 Fantatray fa ny Teny no milaza an'izany. Fantatray fa mino an'izany izahay. Ankehitriny, Tompo, enga anie izy ireo hino an'izany ka hahazo an'izay nangatahany. Mandroso izahay ankehitriny amin'ny maha-ambasadaoron'i Kristy, miaraka amin'ity vatan'ny fiangonana manontolo ity, mivavaka amin'ny saina iray ho an'ny fahasitranan'izy ireo. Enga anie ho tanteraka izany. Ary rehefa miala izy ireo, dia enga anie izy ireo handeha miaraka amin'ny fifaliana lehibe indrindra satria ilay—tonga eo aminay ilay Mangiran-dratsy. Nitodika taty aminay ireo Hazavana be an'ny Lanitra, ka mahita an'ilay Tompo Jesosy nitsangana ao amin'Ny Heriny sy Voninahiny izahay. Amena.

168 Satria voahosotra izy, dia amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, no ametrahanay tànana eo aminy, ary mangataka mba ho sitrana amin'ny alàlan'ny tànan'ilay Andriamanitra Tsitoha ny aretiny, amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

169 Andriamanitra hitahy anao. Mandehana ka raiso izany, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy.

170 Satria voahosotra, dia amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, no angatahanay mba ho ekena ny fanirian'ny fony, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy. Amena.

171 Satria voahosotra diloilo, dia mametra-tànana eo amin'ny rahalahinay izahay, amin'ny Anarana . . .

57-1222 Ilay Hazavana Lehibe Mamirapiratra
Branham Tabernacle
Jeffersonville, Indiana U.S.A.

MALAGASY

©2026 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org